Anaviavy Ivohibe
Noroahina ireo mpitrandraka volamena sy safira 7

NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)
Sabotsy 16 marsa 2019 Laharana 887 Vidiny : 400 Ar

Asan' ny Apostoly 11: 15-18 5
Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 119), Madagasikara 14 martsa 2019

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto

## Fiainana mpanao politika 2

# Lavo ny andrarezina nodimandry i Manandafy



## Antoko TIM 3

# Tsara toerana hahazo depiote maro




VOLOLONA MPITOLON'NY MAGRO 2
Mila tolo-tanana amin'ny fitsaboana amin'ny Pacemaker



Fitantanam-pirenena 3
Tsy mbola voafehin-dRajoelina

Fanamarihana ny 29 martsa 1947 2
Nanadio teny Ambohitrakely ny Boriboritany faha-3 (CUA)

Fitrandrahana ny harena voajanahary 7
Nanolotra vahaolana maharitra ny Tafo Mihaavo

**Daka kely**

Vary gasy mateza kibo ihany ny anay ry Boaikely fa tsy mila vary mora zany a !

Messangers American English Hope sy FMOS 6
Nanokatra fampianarana fiteny anglisy sy nanome fitaovana informatika ny Boriboritany faha-6



FIAINANA MPANAO POLITIKA

## Lavo ny andrarezina, nodimandry i Manandafy

Lavo ny andrarezina, nodimandry i Manandafy Rakotonirina, fanta-daza teo amin'ny sehatra politika teto amintsika, olona nanana ny anjara toerany koa teo amin'ny fitantanam-pirenena. Omaly tamin'ny 10 ora maraina izy no nodimandry tao amin'ny Hopitaly HJRA Ampefiloha, rehefa nolazoin'ny aretina nandritra ny fotoana efa elaela ihany. Itompokolahy Manandafy Rakotonirina dia teraka ny 30 Oktobra 1938, izany hoe 80 taona izy izao nindaosin'ny fahafatesana izao. Izy no filoha nasionalin'ny antoko MFM. Efa filoha mpiara-mitantana ny CRES, na ny Filan-kevitra ara-toekarena sy sosialy, izy sy Pastora Andriamanjato Richard tamin'ny tetezamita tamin'ny taona 1991. Efa depioten'i Manandriana, faritra Amoron'i Mania. Mpikambana tao amin'ny Filan-kevitra Faratampon'ny Tolompiavotana na CSR tamin'ny fitondran'ny Amiraly Didier Ratsiraka, mpampianatra toekarena teny amin'ny Oniversite koa tamin'ny fotoan'androny.



Tamin'ny krizy tamin'ny taona 2009, notendren ny Filoha Marc Ravalomanana ho Praiminisitra izy, saingy tsy afaka niasa satria nosamborin'ny mpanongam-panjakana notarihan'i Andry Rajoelina tamin'izany fotoana izany. Anisan'ny nitarika ny hetsi-bahoaka i Manandafy tamin'ny tolona tamin'ny 1972. Mpikambana tao amin'ny antoko MONIMA an'i Monja Jaona izy aloha, izay vao nanangana ny antoko MFM. Ny gazety Ny Valosoa Vaovao dia mirary fiononana feno ho an'ny fianakaviany.

***Ny Valosoa***

Antoko TIM

## Tsara toerana handrombaka depiote maro

Anisan'ireo antoko tsara toerana handrombaka depiote maro amin'ny fifidianana solombavambahoaka ny 27 mey ho avy izao, ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM). 79 no mirotsaka amin'ny antoko, nahazo tsodrano tamin'ny Filoha Marc Ravalomanana, ankoatra ireo mirotsaka amin'ny tsy miankina, izay mpomba an'i Dada ihany koa. Ho an'ny distrikan'i Manjakandriana manokana, ny filohan'ny DisTim Manjakandriana, Randriamanga William Henri, no voafidin'ny fototra Tim tao amin'ny distrikan'i Manjakandriana, ho kandida solombavambahoaka avy amin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) hiatrika ny fifidianana solombavambahoaka eto amintsika ny 27 mey 2019 ho avy izao. Nahazo tsodrano tamin'ny filoha mpanorina ny antoko, Marc Ravalomanana ny lehilahy ary vonona hitondra ny fanevan'i Manjakandriana amin'izay




***Ny kandida Randriamanga William Henri nahazo tso-drano tamin-dRavalo.***

fifidianana izay. Efa zadraharaha amin'ny fitantanana ny tenany tamin'ny toeram-piasany teo aloha, ary mbola nohamafisiny izany nandritry ny naha-filohan'ny DisTim tao anatin'ny distrikan'i Manjakandriana hatramin'izao. Nambaran'ity kandida solombavambahoaka ity, fa hanarina ny lesoka ary hitondra fampandrosoana amin'ny lafiny rehetra ny tenany. Eo aloha raha ny nambarany ny sehatry ny fampiroboroboana ny tantsaha amin'ny fanohanana azy ireo, eo ny tanora amin'ny filàny sy ny tokony hijerena azy ireny eo amin'ny fampitaovana sy ny fiofanana, fa eo indrindra ihany koa ny ray sy ny renim-pianakaviana miatrika ny fiainany. Anisan'ny laharam-pahamehan'ity solombavambahoaka ity ny sehatry ny sosialim-bahoaka toy ny fanamboaran-dàlana, ny jiro, ny fananganana na fanatsarana foto-drafitr'asa, sns… fa indrindra ihany koa ny sehatry ny toekarena izay tena ifantohan'ny tantsaha mpamokatra ifotony. Zava-dehibe ireo raha ny nambarany, fa ny tena zava-dehibe tsy maintsy hobanjinina raha ny fanazavany ihany, dia ny fanamafisana orina indray ny antoko Tiako i Madagasikara ao anatin'ny fotoana fohy satria mbola maro ny dingana miandry ny vahoaka malagasy na amin'izao fifidianana solombavambahoaka izao, na amin'ny fifidianana manaraka toy ny ben'ny tanàna sy ny filoham-pirenena. Vonona hatrany, ary tsy miandry ela fa avy hatrany dia roso ny dia raha ny nambarany satria Manjakandriana dia loha-laharana foana hatramin'izay, ary fanoitra miakatra ho fampandrosoana an'i Manjakandriana sy ny manodidina no tanjona amin'izao maha-kandida solombavambahoaka an-dRandriamanga William Henri ao Manjakandriana izao.

***Soh'son***

Fanamarihana ny 29 martsa 1947

## Nanadio teny Ambohitrakely ny Boriboritany faha-3 (CUA)

Fanadiovana teny Ambohitrakely sy ny manodidina, ho fanomanana ny fanamarihana ny tolom-panafahana tamin'ny 29 martsa 1947. Nisy ny fanadiovana teny Ambohitrakely Boriboritany faha3, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) sy ny manodidina omaly, ka ny ekipa avy ao amin'ny kaominina Antananarivo Renivohitra, Boriboritany fahatelo no nanantanteraka izany. Nisy ny fanalana bozaka, famafana ny sisindalana, izany no natao dia ny hitandrovana ny fahadiovana eto Antana-



***Ny fanadiovana nataon'ny CUA teny Ambohitrakely, ho fiomanana amin'ny fanamarihana ny 29 martsa.***

narivo renivohitra ihany koa, izay ao anatin'ny vina 100 andron'ny Ben'ny tanànan'Antananarivo renivohitra Lalao Ravalomanana ihany koa. Fa mikasika ny fanamarihana ny tolompanafahana tamin'ny 29 martsa 1947, somary mangingina izany ankehitriny, izany no midika fa fitondrana saribakolin'ny mpanjanatany ity fitondran'ny mpanongampanjakana Andry Rajoelina ity. Tena azo lazaina ho tsy miraharaha ny ràn'ireo Malagasy latsaka tamin'izany fotoana izany fa ny fanindrahindrana vahiny ihany no fantany. Izao dia hanome tany 80 ha ho an'ny Maorisiana, ny Malagasy tompon'ny tany anefa ankehitriny, tsy vitsy no efa noroahina tamin'ny taniny, izay efa nohajariany an-taonany maro.

***Isambilo***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Fifidianana hadio tokoa ve ?

Hadio sy hangarahara ve ity fifidianana solombavambahoaka manaraka ity, sa dia ho feno hosoka sy hala-bato tahaka ny fifidianana filoham-pirenena teo ihany ? Iaraha-mahalala mantsy fa nisy dia nisy tokoa ny tsy fahatomombanana nandritra ireny ary na ny CENI nikarakara azy aza dia niaiky fa maro ny lesoka. Ny kandidan'ny HVM sy ny TIM no tena lasibatra tamin'ireny ary dia voatery nanaiky tsy fidiny ny voka-pifidianana mba hisian'ny filaminana sy ny fahatoniana eto amin'ny firenena. Amin'ity indray mitoraka ity ary ve izany dia tsy ho hita ao anaty lisitra intsony ireo efa nodimandry sa mbola hifoha afaka hifidy ? Izany no santionany nanaovana hosoka teto. Mbola eo koa ny mpifidy iray manana kara-pifidianana maro. Nisy tamin'izy ireny notaterina tamin'ny fiara mihitsy mitety biraom-pifidianana ary dia mbola afaka mandatsabato indray. Tsaroan'ny mpanara-baovao fa nisy bileta tokana maro nariana teny amoron-drano, teo ny bileta tsy misy sonia tao anaty Urnes Transparentes na vata mangarahara. Nahafahana nangala-bato koa ny fanisana ny isambato tany amin'ny biraom-pididianana sasany satria tsy hitan'ny maso mazava izay marika tao amin'izany bileta izany fa izay voatonon'ny mpanisa vato dia izay, ny andro nanaovana izany rahateo dia amin'ny alina aorian'ny fahataperan'ny fifidianana. Raha ny fampielezan-kevitra indray dia tsy mazava tsara amin'ny vahoaka ilay hoe fampielezan-kevitra mialohan'ny fotoana sy ny tena fanombohany. Ambara fa azo atao ny mampilaza ny mpifidy fa hirotsaka ranona sy ranona fa tsy azo atao kosa ny manambara mivantana hoe FIDIO izy. Ny zava-misy anefa dia efa samy manolotolotra sy manambitamby zavatra hoan'ny mponina ny kandida sasany fa indrindra ny MAPAR sy ny TGV ary ireo fikambanana mpiaradia aminy. Mbola eo koa ny famafazana vola tsy toko tsy forohana mba tsy hilazana hoe mandeha sahady ny fividianan'olona. Aiza ho aiza ny Bianco sy ny Samifin manoloana ireo, sa dia hanao masobe tsy mahita indray ?

***Rajaonarimpanontsana***

Vololona mpitolon'ny Magro

## Mila tolo-tanana amin'ny fitsaboana amin'ny Pacemaker

Ho fanohanana amin'ny fitsaboana amin'ny Pacemaker an-dRamatoa Rasoavololona Elisabeth, na Vololona mpitolon'ny Magro, avy amin'ny vehivavy Tiako i Madagasikara na TIM Ambohimanarina koa, sady Assistante Parlementaire ny depiote teo aloha, Rasoanoromalala Horace, hisy sakafom-pifaliana hatao ny alahady 31 martsa ho avy izao, manomboka amin'ny 12 ora antoandro, ao amin'ny Espace Ny Andrisoa Talatamaty. Hanafana ny lanonana amin'izany ny mpanakanto Bodo sy ny tarika Izy Mianaka. Ny vola azo avy amin'izany dia hoentina manontolo hitsaboana ny fony amin'ny alalan'io Pacemaker io, izay lafolafo ihany, ka hangatahany ny fandraisan'anjaran'ny tsirairay. "Mahasambatra kokoa ny manome noho ny mandray", Asan'ny postoly 20:35.

***Ny Valosoa***



***Rasoavololona Elisabeth, na Vololona, vehivavy TIM, Boriboritany faha-6.***

## Ny Valosoa sy hadihady

# Fitondran-dRajoelina : ireo fampanantenana poakaty tsy tanteraka

Vitsy ny Malagasy mahay mamotopototra sy mamakafaka ny maha marina sy ny maha azo tanterahina ny fampanantenana ataon'ny olona, na politisiana te-handresy lahatra, na tehampanjaka ny heviny, na manao fampielezan-kevitra. Tato anatin'ny volana vitsivitsy dia niaina ny vanim-potoanan'ny fifidianana ny teto Madagasikara. Vita ny fifidianana filohampirenena, efa miomankomana hiatrika ny fifidianana solombavambahoaka indray amin'izao fotoana izao, ka ny famoahan'ny lisitr'ireo azo raisina ho mpifaninana havoakan'ny Vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny fifidianana (CENI) sisa dia ho raikitra ny fampielezan-kevitra mialohan'ny fotoana. Raha ny isan'ny kandidà no hasian-teny dia valonjato mahery (855) no hiady toerana iraika ambidimampolo ambizato (151). Ny kandidà tsy miankina no maro an'isa. Raha io tarehimarika io no jerena dia hiverina indray ilay fiainana ara-politika manana endrika miovaova (à géométrie variable) ao amin'ny Antenimieram-pirenena, indrindra fa raha ny tsy miankina no ho maro an'isa. Mialohan'ny fampielezan-kevitra hataon'ireo kandidà ho depiote dia tsara raha hiverenana izay nataon'ireo kandidà ho filoham-pirenena, tamin'ny fihodinana fararoa, mba tsy hahadiso fanantenana ireo handatsabato ho an'izay heverina ho tena hahasolo vava azy tokoa. Samy nanana ny programany voarakitra ao an-tsoratra ao anatin'ny boky izy roalahy dia ny IEM sy ny MAP izany. Misy pejy aman-jatony ny IEM ary nofintinin-dRajoelina Andry Nirina ao anatin'ny teboka teloambinifolo izany. Tsy hasian-teny ny MAP satria efa tsy voafidy ny filoha Ravalomanana Marc. Heverina ary azo inoana fa vitsy no mahalala izay tena voarakitra ao amin'ny IEM fa ny tena nahasodoka ireo nandatsa-bato ho an'ny filohan'ny Repoblika IV ankehitriny dia ilay programa nanintona sy nampilendalenda toy irony dokam-barotra zary sarimihetsika alefa amin'ny fahitalavitra irony. Sodoka nijery sy nanara-maso ilay fiara nihodinkodina eran'ny tanàna nandefasana izany ny tsy manan-kialofana sy ny mipetraka amin'ny trano tsy zarizary, ka efa nanonofy ny mba hanana rindrina efatra vita amin'ny biriky ato anatin'ny dimy taona ho avy. Tsy misy andrasana hafa tsy izany eto amin'ity fiainana mandalo ity. Nofinofy ihany, sarotra tanterahina ireny satria ny vary nampanantenaina sy nolazaina fa efa teny ambony sambo aza tsy mbola tonga efa-bolana aty aoriana. Nisantatra ny fambolen-kazo amin'ity taona ity ny filohan'ny Repoblika dia nanambara fa haverina ho "Nosy maitso" indray i Madagasikara, ka hazo handrakotra 40 000 hekitara isan-taona no tsy maintsy voatsatoka ary ankoatry ny ho volen'ny olompirenena tsirairay dia hisidina koa ny "drône", ka tsy mazava, na handatsaka "voa" (grain), na hiady tany sy hanatsatoka hazo. Voapetraky ny vadin'ny filohan'ny Repoblika, ny 8 martsa teo, ny vato fehizoron'ny ozinina hamokatra "éthanol", any Ambilobe, hialàna amin'ny fampiasana arina (charbon) izay miteraka fandripahana ny ala. Angamba ireo mpamokatra arina, izay ho very asa, no hampidirina hiasa ao amin'izany ozinina izany. Santatra ambavarano ihany izay nisy tany Ambilobe fa ho avy ny Morisiana hanangana orinasa sy hampiasa ny volany eto Madagasikara, ka ho maro ny tanora hahazo asa saingy tsy mazava ary tsy sahy ambara loatra ny votoatin'ny fifanarahana sy ny mety ho tombony ho an'ny Firenena rehefa tanteraka tokoa izany. Tsy mazava ihany koa na hanofa tany na hividy tany izay Maorisianina ho avy eto kanefa na itsy voalohany na ny faharoa dia iaraha-mahatsiaro fa ilay fampiraharahana tamin'ny orinasa korena tatsimo no anisan'ny noranitina nentina nanonganana ny fitondran-dRavalomanana Marc tamin'ny taona 2009. Tsy misy maha ratsy ny fihavian'ny vahiny hampiasa ny volany eto amin'ny Firenena saingy manao "ganagana tsy ary nify, manakora saka banga" sy mihevitra fa rehefa "izy no miteny dia voromanga, fa rehefa ny hafa dia vorondolo" izao fitondrana izao. Ny manantena tsy misy, hono, no sarotra fa ny mamoy mora foana.

***Andry Tsiavalona***

**FITANTANAM-PIRENENA**

# Tsy mbola voafehin-dRajoelina

Ankoatra ny fahadisoana nataony teo amin'ny sehatra iraisam-pirenena, ohatra momba ny raharahan-tokantranon'i Venezuela izay nidirany sy nisy niandaniany, dia mitohy ny fijabahana ataon-dRajoelina. Niseho indray izany tatsy amin'ny Nosy Maorisy tamin'ny filazana ny amin'ny fanorenana indostria manerana ny faritany. Eritreriny irery io sa nisy nanoro hevitra azy? Na heviny irery anefa na nisy nanoro hevitra azy, sao dia adinony fa amin'ny rafi-pitondrana arahintsika ankehitriny dia tsy anjaran'ny fitondrana na ny fanjakana velively no manangana orinasa na indostria. Tsy rafitra sosialisma fahiny tamin'ny andron-dRatsiraka tamin'ny repoblika faharoa akory izao ka miditra lalina amin'ny toekarena sy fananganana toy izany ny fanjakana. Aoka hazava, fa rafi-pihariana kapitalista no nampidirina teto niditra ny taona 90, ka mandraka ankehitriny. Rafi-pihariana mampisintaka ny fanjakana amin'ny fidirana ho mpisehatra aratoekarena. Nahatsapa izay tsara ny fitondrana nampiditra ny sosialisma teto rehefa niova hevitra taty aoriana ka nandray fepetra niala tamin'ireo orinasam-panjakana natsangany na nofatorany ary niditra tamin'ny famarotana azy ireny, manontolo na amin'ny ampahany, ilay antsoiny hoe" privatisation". Ny fiverenana amin'izany politika ara-toekarena io izany, dia fialana amin'ny rafi-pitondrana efa voafaritra hatramin'izay. Rehefa dinihina lalina indray koa anefa, dia tsy fialana loatra fa ny azo ilazana azy dia misabaka, sady mandray rafi-pihariana kapitalisma no misarangotra amin'ny rafi-pihariana sosialisma. Amina tranga manokana anaty fahamehana tsy azo anoharana anefa ny firenena iray vao niditra tamin'izany, toy ny nataon'ireo firenena vitsivitsy tao Azia. Tsy amin'ny tranga toa antsika eto Madagasikara anefa izany raha ny ankehitriny no jerena, fa mila mamaritra politika matotra sy feno fahendrena no ilaina entina manarina ny toekarem-pirenena sy ialàna amin'izao manjo ny vahoaka Malagasy izao. Tsy resaka fahataitairana mahita endri-javatra no hanoritana ny politika, fa io efa vita rafitra mialoha sy voadinika lalina. Tsy eny ampandehanana no milaza zavatra ho atao fa lasa mivaona ny fomba fiasa. Ny hiafarány dia handiso fanantenana ny vahoaka nanaovana velirano sy nomena fampanantenana bobaka. Marina, tena ilaina ny fanorenana orinasa sy indostria maro hitelemana ireo tsy an'asa aman'hetsiny maro isan-taona eto amin'ny firenena, kanefa tsy anjaran'ny fanjakana ny manao izany. Aoka tsy hifamitaka intsony.

***Sòh'son***

Tsy aritra

# Efa kivy sahady amin'ny fampanantena poakaty natao taminy ny tsirairay

Misy ny kabary ambony vavahady, misy ny kabary tsy valiana fa ny ankamaroan'ny olona dia toa variana ny mitady izay ho arapany isan'andro. Ny mpitondra variana mitady izay hamenoana ny ao an-tsompitra, ka toa zary mifangaro ny asa atao sy ny halako bika tsy tiako tarehy, mirongatra ny fanenjehana izay tsy mitovy fijery aminy, na koa mety hanelingelina sy hanimba ny tanjona hizoran'ity fitondrana ity. Indrisy ry fandriampahalemana dradradradraina, isan'andro izao fa efa manao ezaka hono ny tompon'andraikitra misahana izany, nefa anie toa vao mainka miha-mahazo laka ny zava-doza ataon'ireo tsy mikaroka afa-tsy ny eny an-tananan'ny hafa... Anjaran' ny tsirairay no mihevitra izay mba hahazoany ny masoandro keliny izay efa kivy sahady amin'ny fampanantenana poakaty natao, ka toy ny valala voatango ka very fanahy mbola velona, ny mba misy atao kely indray tsy sahy mirobaroba fa mihazohazo toy ny lohalika alika toa tsy ambony nefa tsy ambany, ankehitriny toa mazava nefa maizina ny masoandron-dRamalagasy, ny tanànan'ilay masoandro anefa tsy tazana eny ho eny akory ny misy azy.

***Dialy***

## NY TENY FIAINANA

***Matio 19:24***

*Ary hoy Izaho aminareo indray: ho moramora kokoa ny hidiran'ny rameva amin'ny vodi-fanjaitra noho ny hidiran'ny manankarena amin'ny fanjakan'Andriamanitra.*

## facebook NY VALOSOA VAOVAO

### Depiote Michel ihany no kandidà ny antoko TIM any Antsirabe I



**Zanak'i Gasikara Ofisialy :** ampitapitao, hamafisina fa i Député Michel irery ihany no kandida an'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), nankatoavin'ny Filoha Marc Ravalomanana ho solombavambahoaka raha eto @ Distrika an'Antsirabe 1 no resahina. Ankoatra izay dia mpisandoka. Izy irery no nomen'i Dada ny fahatokisana. Mitady hamitabahoaka indray mantsy ireo mercenaires politika ka mitonona ny anaran'i Dada Marc Ravalomanana sy misandoka sahady fa izy ireo no kandida an'ny TIM.K25.

**Raherivelo Nandrianina Haja Alain :** marina be io voalaza io. Misy olona iray izay mantsy namadika, ka lasa any amin'ny ankilany dia mamita-bahoaka fa izy no kandida nosafidin'i Dada. Mpandainga olona io .

**Raobelina Fenomanjato Ranaivorazo :** iza izany ? tonga dia teneno eto hoe ny anarany !

**Nirinarison Jean Razafinjaka :** lazao eto tompoko ny anarany.

**Zanak'i Gasikara Ofisialy :** Oooh grave koa zany. Tsara ho fanratry ny vahoaka hifidy fotsiny fa nisy namadika eto Antsirabe e !

**Raketaka Rahaingo Raketamanga :** mirary soa députe ah !

**Tim Alakamisy Anativato :** favory matoa sandohana eh!faly ah ten faly ah satria zanak'i dada d'origine ny depute Michel Ambalavato!

**Harrys Linah Andrianarison :** aza atao ankamantatra moa!iza ilay olona lasa any ambadika?

**Manitra Rmf :** mba ampahafantaro moa ilay anarany e! Ataovy ohatry ny tamin'ny 2013 iny, Atao anatin'na afisy be ireny ny anarana kandida depute nankatovin'ny Filoha Ravalomanana eran'ny Nosy mba tena ho fantatray zanak'i Dada,Tim ary ny K25 manerana ny Nosy....

**Rola Gosi :** tsika tsy miala amin'i deputé Michel.

## TONONKALO

### Akon'i Morondava

Tena kinga ery 'nareo nilaza sy namoaka didy
Fa tsy azonay kapaina irony hazo sarobidy.
Saingy moa voalanjalanja ny fepetra toy izany ?
Hanao ahoana ny hanjo anay madinika sy ambany ?

Fa ny anay ny fivelomana dia ny fandrafetam-panaka,
Ary eo ny mpianakavy : na ny vady na ny zanaka.
Saingy izao , ankehitriny dia nilatsaka ny didy
Ka hiato ny asanay , mangidy izany ka mangidy !

Ny mpibizina andramena , ireo no tokony hosakanana,
Fa andeha tsimbino kosa ireo mpiangaly ny asan- tanana.
Ny mpandrafitra madinika , mila akora ampiasaina.
(Tsy ho ripany ny ala f'izy anie ka mba misaina !)

Ireo mpibizina voamboana sy mpanondrana andramena,
Ireo no tena ambara tsotra ho fahavalom-pirenena,
Ka sambory sy gadrao na izy ireo na ny "akolitany"
F'efa be ny fanimbana sy ny zava-dratsy vitany.

Ny mpandrafitra madinika , andeha hatòny sy jereo
Fa kely hery sady osa ka tsy mahaloa-peo.
Dia aza atao iray kitapo ireo jiolahy tsy mety fay
Sy ny mitrongy vao mba homana , mafy ady toa anay.

***DADAN'I ZINA (15-03-19)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

**Ny fidinana ifotony nataon'ny kandidan'ny antoko TIM ao amin'ny Boriborintany faha-4, Emilien Ramboasalama.**









VARY AVY ANY IVELANY

## Hafa ihany ny kalitaon'ny vary vokatra eto

Mahavariana ihany, efa ho telovolana mahery vao hoe tonga ny vary nafarana avy any ivelany ho atao "vary mora". Ao anaty maitso ahitra ny Malagasy, indrindra any ambanivohitra any rehefa miditra ny volana janoary hatramin'izao Martsa izao. Natao angoan-tenda sy nambara fa efa an-dalana io vary io entin'ny sambo. Toa ela ihany izany, moa tsy efa be ny niharan'ny voka-dratsin' ny tsy fahampian-tsakafo tao anatin'izay fotoana izay ? Hanao ahoana koa ny fanapariahana azy rehefa tonga eto izao, moa handeha amin'ny fahamarinana sy hilamina ve ny fahazoan'ny vahoaka maro mila azy io ? Dia haharitra hafiriana no hisiany hojifain'ny vahoaka ? Avy aiza io vary io ary ahoana no nifanarahana taminy satria tsy mbola vita akory ny fianianana teny Mahamasina no efa nafarana andro mialohan'io izany ? Fanontaniana maro no mibosesika noho ny efa fahitana ny zava-nisy tany aloha. Na izany na tsy izany anefa, vary avy any ivelany io nafarana io. Tsy tokony hohadinoina fa tsy mena-mitaha amin' ny any ivelany na ny any Azia ny voka-bary eto Madagasikara ary manana ny kalitao tsara tokoa isika. Mbola tsara sy be otrikaina ny karazam-bary eto amintsika. Ny olana dia ny tsy fahampian'ny habetsahan' ny vokatra. Efa namporisika ireo tantsaha tamin'izany ny filoha Ravalomanana tamin'ny fotoan'androny ary nisy tamin'izy ireo no tena navitrika mihitsy ka nahavokatra vary hatrany amin' ny 17 taonina isaky ny hekitara. Nisy hatrany ny valisoa nomena azy ireo isan-taona ary hita fa tena nahomby ny hetsika niendrika fifaninanana natao tamin'ireny fotoana ireny, saingy tapaka izany tamin'ny taona 2009. Mora ny mandrava fa ny manarina sarotra, dia izao tsy tafarina izao mandraka ankehitriny ny famokaram-bary eto amintsika ary nihanitombo ny vary nafarana indrindra rehefa miditra amin'ny fotoampahavaratra sy maitso ahitra isian'ny andro ratsy. Mora ihany koa ny miteny ka milaza izao sy izao tamin'ny fampielezan-kevitra, fa ny atao no hita. Miandry ny vahoaka satria mahakasika ati-vilaniny izany.

***Radafy***

## Sakafo Ny Valosoa



Zanak'ondry sy tsaramaso indray no laoka amin'ny pejin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana salady miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

NY VALOSOA sy Mahavariana

## Miaro amin'ny homamiadana ny zavokà

Ny voankazo zavokà dia manankarena amin'ny fibres, potassium, anti-inflammatoire, manamafy ny hery fiarovana, manatony ny fanaintainana,... «Coupe faim» natoraly koa izy, azo ampiasaina hitaizam-batana tsara ny zavokà. Manankarena vitamina mahenika ny taha ilain'ny vatana isan'andro koa izy ary misoroka ny aretina maro. Manampy amin'ny fanenana ny vatana : mampijanona ny hanohanana ny fihinanana ny zavokà satria ny zavokà dia misy "acide oléique" izay « gras » ilain'ny vatana ka manampy ny ati-doha hisoroka ny hanohanana. Misoroka homamiadan'ny ati-vava izy. Araka ny voka-pikarohana dia misy singa sasany entin'ny zavokà, izay voaporofo fa mamono ireo sela mivadika ho homamiadan'ny ati-vava. Misoroka homamiadan'ny nono koa. Manankarena ilay singa antsoina hoe « acide oléique », fahita anaty menaka oliva ny zavokà. Voaporofon'ny fikarohana maro fa misoroka ny homamiadan'ny nono io "acide oléique" io. Mahatsara maso izy. Betsaka kokoa ny tahan'ny « lutéines caroténoïdes » ao amin'ny zavokà miohatra amin'ny voankazo hafa. Io « lutéïnes» io anefa no antoka mampadio kokoa ny maso ary misoroka ny aretina katarakta. Mampihena ny tahan'ny kôlesterôly ilay singa ao anatin'ny zavokà antsoina hoe « bêta-sitostérol » indray no mampihena ny tahan'ny kôlesterôly. Mahatsara ny lalan-drà ny zavokà, zavokà iray kaopy dia mitondra ny fatra ilain'ny vatana isan'andro amin'ny "acide folique". Araka ny voka-pikarohana dia kely kokoa ny taha mety hahatapaka lalan-dràn'ireo olona mahery mihinana io "folate" io, miohatra amin'ireo mifady azy. Ny vitamina E, "acides gras" ary ny "glutathions" entin'ity voankazo ity ihany koa dia tena tsara ho an'ny fo. Manankarena " folate" ny zavoka : izay mahatsara ny zazamena na zaza ao ankibo, ka tsara hohanin'ny vehivavy bevohoka na tera-bao.

NY VALOSOA sy Mahavariana

## Ny tanànan'Andilamena any amin'ny faritra Alaotra Mangoro

Ny tanànan'Andilamena any amin'ny faritra Alaotra Mangoro indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny distrikan'Andilamena ity tanàna ity. Azo lazaina ho avo toerana izy satria 932 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Faritra mamoka-bary koa Andilamena, mampalaza ratsy azy anefa ny resaka tsy fandriampahalemana satria anisan'ny faritra mena izany faritra izany.



## Asan'ny Apostoly 11: 15-18

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 119), Madagasikara 14 martsa 2019

***Asan'ny Apostoly 11: 15-18 "Ary raha vao niteny aho, dia nilatsaka taminy ny Fanahy Masina tahaka ny tamintsika fahiny. Dia nahatsiaro ny tenin'i JESOSY Tompo aho, izay nolazainy hoe: Jaona nanao batisa tamin'ny rano, fa hianareo kosa dia hatao batisa amin'ny Fanahy Masina. Koa raha mba homen'i JEHOVAH Andriamanitra azy ny fanomezana, tahaka antsika fony isika vao nino an'i Jesosy Kristy Tompo dia iza moa aho no hahasakana an'i JEHOVAH Andriamanitra? Ary rehefa nandre izany ireo, dia nangina sady nankalaza an'i JEHOVAH Andriamanitra ka nanao hoe: Efa nomen'i JEHOVAH Andriamanitra ny jentilisa koa ny fibebahana hahazoany fiainana".***

Hitanareo amin'izany ary fa ny mpampianatra dia mahatafavoaka ny dikanteny ara-panahy. Izany hoe tsy fampianarana norantovina sy nohalalinina tamin'ny mahaolona fa fianarana tamin'ny Fanahy Masina, Fanomezampahasoavana no dikany. ***I Korintiana 12: 8***[b], nomena teny Fahalalana, izany hoe fantany ny dikan'ny teny arak'izany Fanahy izany ihany. Vakio tsara izay nandikan'ny Fanahy Masina ilay lamba fotsy nampidinina avy aty an-danitra ka naseho teo amin'i Petera ary naverina niakatra indray. Ny mpampianatra tsy dia mipetraka an-toerana loatra fa mitety fiangonana, sekoly koa raha misy izany. Ny mpampianatra koa dia mahay maneho fampianarana ireo zava-miafina saro-pantarina amin'ny olona. Fa izy kosa tarihin'ny Fanahy mampianatra izany ka dia mahagaga. Tsy azo alain-tahaka ny fisian'ny Fanahy ao amin'ny mpampianatra fa izy dia mamoaka hevi-teny ara-panahy amin'ny alalan'ny sary, soratra, refy, rafitra, lanja, fitaovana, taona, fanoharana, toerana, famantarana, fahagagana, sns...Ny mpampianatra dia mahay mamoaka hevi-teny na dikanteny amin'ny teny anankiray arak'izay ahazoan'ny olona mandray tsara izany. Ny mpampianatra mahay izany ary tena mahavariana. Raha misy mpampianatra anontanian'izay mihaino dia hainy tsara ny manazava izay tian'ny olona ho fantarina. Amim-pahendrena no anehoany izany, tsy misy rehareha, tsy misy avonavona, tsy mampifilafila koa fa tena mpampianatra mampita ny fahalalana tsy hahadiso hevitra ny olona. Manana andraikitra lehibe ny mpampianatra. Azonareo tsara ve ilay voalaza teo aloha? Nohon'ny tsy fahalalana dia zava-padiana no nandraisan'i Petera ny fahitana fa rehefa nohazavaina taminy ny marina fa FITORIANA amin'ny olombelona rehetra tsy an-kanavaka. Ahoana hoy ny voasoratra? Efa nomena ny jentilisa koa ny fibebahana mba hahazoany fiainana, izay no tena tanjoko. Rehefa mahay mihaino tsara izay lazain'ny Fanahy ny mpampianatra, feno fanetrentena, tsy mizahozaho, tsy milaza tena fa tena mamoaka ny fahalalana nomen'ny Fanahy azy dia mora tafita ny tanjona. Hoy ny voasoratra na ny Teny, ***andininy 9*** : izay efa nodioviko JEHOVAH aza atao ho fady. Izany hoe ; izay aroso, izay atolotro, izay omeko, izay zaraiko dia efa madio, efa voamboatra, marina sady masina ka aza atao ho fady. Raha zavatra natao ho fady na ratsy na maloto na tsy izy tsy naverina nakarina hankaty indray hoy AHO teo ambony. Fanomezam-pahasoavana ny fampianarana fa tsy hala-tahaka na fitadiavam-bola na filam-pitia amin'ny olona. Tandremana tsara ndrao dia soloina fampianaran'olombelona na izay norantovina teo amin'ny tany ihany. Marka 7: 13, koa dia foananareo ny Teniko JEHOVAH amin'ny fampianarana voatolotra anareo ka dia izany no asainareo tandremana ary dia zavatra maro mifanahatahaka amin'izany koa no ataonareo. Tandremo fa misy fiantraikany be dia be raha mivaona ny fampianarana. Ny sasany tamin'ireo Apostoly dia mpampianatra ka dia naharitra nihaino azy ireo ny mpianatra, ***Asan'ny Apostoly 2: 42*** *"Ary izy ireo naharitra tamin'ny fampianaran'ny Apostoly sy ny fiombonana sy ny famakiana ny mofo ary ny fivavahana."* Ny fampianarana izany dia tokony hiompana indrindra amin'ny fahalalana ny fiandohana sy ny fiafaran'izao fiainana izao. Toy izao no tiako JEHOVAH ambara: ny fampianarana dia AINA, AFO, FIAINANA, FIAROVANA, FITAHIANA, FAMONJENA, FANAVAOZANA indrindra koa FAHEFANA, ***Marka 1: 27*** *"Dia gaga ny olona rehetra ka nifanontany hoe: Manao ahoana re izao zavatra izao? Fampianarana vaovao misy fahefana izao! fa ny fanahy maloto aza no didiany, ka dia manaiky Azy"* Vakio anie izao fampianaran'i Paoly, ***Asan'ny Apostoly 17: 22, 26-27*** *"Ary Paoly nitsangana teo afovoan'i Areopago ka nanao hoe: Ry lehilahy Ateniana, hitako fa amin'ny zavatra rehetra dia fatra-pivavaka amin'ny andriamanitrareo indrindra hianareo. Ary ny firenena rehetra avy amin'ny iray ihany dia namponeniny ambonin'ny tany rehetra, ary efa notendreny ny fotoan'andro sy ny faritry ny fonenany, mba hitady an'i Jehovah Andriamanitra izy, raha tàhiny hahatsapa ka hahita Azy, kanefa tsy mba lavitra antsika rehetra Izy."* Izay no adidy sy asan'ny mpampianatra. Diplaoman'ny lanitra no ampianarin'ny mpampianatra. Asan' ny FANAHY sy fampianarana ara-panahy, ny mpampianatra moa mazava ho azy fa olom-panahy koa fa tsy olona mora tezitra sy kitokitonina, ***II Jaona 1: 9*** *"Izay rehetra mitarika nefa tsy mitoetra ao amin'ny fampianaran'i Kristy, dia tsy manana AHY Jehovah Andriamanitra. Izay mitoetra ao amin'ny fampianarana, dia izy no manana AHY sy ny Zanaka."* Ny fiafarany? ***II Timoty 3: 16-17*** *"Izay soratra rehetra nomen'ny tsindrimandriko Jehovah Andriamanitra dia mahasoa koa ho fampianarana, ho fandresen-dahatra, ho fanitsiana izay diso, ho fitaizana amin'ny fahamarinana, mba ho tanteraka ny oloko Jehovah, ho vonona tsara ho amin'ny asa tsara rehetra."* Inona indray izany ny momban'ny mpaminany izay anankiray amin'ireo ministera dimy?

Amen! Haleloia!

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

Telephone : ***033 12 461 43***

E-mail: jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

## Guy Rivo Randrianarisoa

# Ny manana atao dia tsy hanam-potoana hanenjehana ny hafa

Mitondra ny fahitany ny raharaham-pirenena sy ny toetran'olona sasany amin'izao fotoana ny sekretera jeneralin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), Guy Rivo Randrianarisoa. Fanehoan-keviny amin'izany, ny olona mahatsiaro faly amin'ny fiainana ao aminy, na ao an-tokantranony hoy izy dia tsy hanam-potoana hialona ny fahasoavan'ny havany. Tsy hanam-potoana izy hanenjehana ny namany, na ny mpiasa miasa aminy. Ny olona tsy manao ezaka izay mahamety ny fiainana, ka miraviravy tanana no lasa mandany andro mitsikera, na mialona, na manaratsy ny hafa.



*Ny sekretera jeneralin'ny CUA, Guy Rivo Randrianarisoa.*

Hapetraho ao aminao foana ny finoana fa handresy ianao amin'izay fanirianao rehetra dia hiasa mafy ho anao tokoa ary tsy hanam-potoana hifosa, na hanaratsy ny hafa intsony koa ianao, hoy izy.

***Nangonin'i Helisoa***

## Asa sosialy

# Miasa sy manasoa vahoaka hatrany ny fikambanana Amboma Misôma

Miasa sy manao asa soa hatrany eny Ambohimanarina sy ny manodidina Boriboritany faha-6 amin' izao fotoana ny fikambanana Amboma Misôma, ahiatana an'Andriamatoa Todisoa Andriamampandry. Tao Ambodivonkely Ambohimanarina, vita ilay tetezana nampanantenain'ny mpanohana ny fikambanana Amboma Misôma, tsy iza fa Zoky Dr Todisoa Andriamampandry, raha nitaraina taminy ny mpitarika ny Fokonolona Ramatoa Rabemololo Hanitra. Natolotr'i Dr Todisoa ihany koa ny baolina foot izay nampanantenainy ho an' ny Club One Love sy Baraingo. Tsy misy ny elanelana fa mitakosona ary miaina toy ny vahoaka ary midina ifotony eny amin'ny toerana rehetra eny ny mpitarika ny loha-lisitra TIM.K25, Dr Todisoa Andriamampandry, ka na an-tsaha io na an-tanàna dia vonona hatrany izy. I Dr Todisoa rahateo dia zanak'ambanivohitra, ary eny Ambohimanarina dia misy rahateo ny lohasaha sy havoana ary tanimbary.



*Dr Todisoa miasa ho an'ny vahoaka, nandoko ny tetezana namboarina.*

Tsy ny mponina ao Ambodivonkely ihany no ho afa-pahasahiranana noho ny fahavitan'ity tetezana ity, fa ireo mpiasa marobe mifamezivezy eo amin'ny Zone Galaxy.

***Serge***

## Boriboritany faha-2 (CUA)

# Nanamboatra ny tambohon'ny EPP Ampamantanana ao anatin'ny vina 100 andron'ny ben'ny tanàna

Efa eo andalam-pahavitana amin'izao fotoana izao ny tambohon'ny EPP Ambohibary Ampamantanana ao amin'ny Boriboritany faha-2, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Raha tsiahivina dia tamin'ny herinandro teo no natomboka ny asa izay tsy inona fa ny fanamboarana tamboho biriky ho an'ny EPP Ambohibary Ampamantanana ary noeritreretina nofaranana omaly, izany rehetra izany no natao dia mbola ao anatin'ny fanatanterahana ny vina 100 andro izay napetraky ny ben'ny tanànan'Antananarivo, Lalao Ravalomanana, eo ihany koa ny fitandroana ny fandriampahalemana ho an'ny EPP sy ireo mpianatra izay mandranto fianarana isan'andro ao ary farany dia ny fanatsarana ny endrika ivelan'ny Sekoly. Io asa tanterahana io dia iandraiketan'ny Boribotany faharoa ary iaraha-miasa akaiky amin'ny departemanta misahana ny raharaha ara-tsosialy DAS (CUA) ary koa ny Fokontanin'Ambohibary Ampamantanana.



*Ny fanaovana ny tambohon'ny EPP Ampamantanana nataon'ny CUA.*

***Aly***

BORIBORITANY FAHA5 (CUA)

# Nanadio teny amin'ny Magro Ankorondrano- Alarobia, Anjanahary, Farafaty Mausolée

Ho fanatanterahana hatrany ny vina 100 andro napetrak'i Ramatoa Ben'ny tanànan'Antananarivo Lalao Ravalomanana, mitohy hatrany ny asa fanadiovana tanterahin' ny Boriboritany fahadimy, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Arak'izany dia nisy ny fanadiovana notanterahin' ireo ekipa teknika, niainga teny amin'ny Magro Ankorondrano, ka hatreny amin'ny fanaovana visite technique Alarobia,



*Ny fanadiovana nataon'ny CUA tao amin'ny Boriboritany faha-5.*

teny amin'ny Farafaty Mausolée ary teny Anjanahary. Nandritra izany dia nofafana ny arabe, noraofina avokoa ireo fasika niangona vokatry ny orana. Nisy ihany koa fanadiovana ny tatatra, fanapahana ireo bozaka. Tsy mijanona hatreo ny asa fanadiovana fa mbola hitohy hatrany. Ny CUA dia manentana hatrany ny rehetra hitandro ny fahadiovana satria rehefa tsy mandoto dia efa naman'ny manadio.

**Serge**

## Vita ny fametrahana arofanina tamin'ny lalankely teny amin'ny fokontany Manjakaray II-B

Vita tanteraka amin'izao fotoana ny fametahana arofanina, teny amin'ny fokontany Manjakaray II-B, Boriboritany faha-5, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), izay fampanantenana nataon-dRamatoa Ben'ny tanànan'Antananarivo, Lalao Ravalomanana. Izao no natao dia ho fiarovana ny mety ho fianjeran' ireo mpandalo eo amin'ny antsoina hoe Chute de la Lily eny antoerana. Ankoatra izany, entanina hatrany ny rehetra mba hiaro sy ho sarotiny amin'ireny fotodrafitrasa ireny, izay soa iombonan'ny malagasy tsy ankanavaka, araka ny teny filamatry ny CUA sy ny ben'ny tanàna amin'izao fotoana.

**Aly**



*Arofanina namboarin'ny CUA ao amin'ny fokontany Manjakaray II-B.*

Sehatry ny hirahira

## Nodimandry i Pascal Joseph tao amin'ny tarika Egeba Est



Nodimandry tamin'ny alarobia teo ny mpanakanto Pascal Joseph, izay mpikambana tao amin'ny tarika Egeba Est, tany amin'iny faritra atsinanan'i Madagasikara iny. Isan'ny hira nahafantarana ity tarika ity sy ny nahafantarana azy ilay hira hoe: anti-bavy namahan-jafy. Sendra nandalo teto an-tanindrazana izy izao lasa tampoka izao. Ny gazety Ny Valosoa Vaovao dia mirary fiononana feno ho an'ny fianakaviany.

**Ny Valosoa**

## Taratasin'ny mpamaky

Fanehoan-kevitra ambarako izao, ka mba hampitaiko amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao sy ny mpamaky azy. Mahatsiaro marary mihitsy ny vahoaka Ethiopianina iray manontolo satria ilay orinasa reharehan'ny fireneny na ilay "Joyau national" mihitsy no voamafy tamin'ny fidarabohan'ilay fiaramanidina Boeing 737 MAX. Na tiana na tsy tiana mantsy, tsy maintsy misy fiantraikany eo amin'ny fidiram-bolan'ny kaompania ny loza mahatsiravina niseho iny ka nahafatesana olona 157. Raha tsy azonao antsaina tsara ny tanjaky ny kaompania Ethiopian Airlines, dia fantaro fa efa mahatratra 100 ankehitriny ny isan'ireo fiaramanidina miasa na ny "flotte" ao amin'ity kaompania Ethiopianina ity ary mahatratra 68 ny fiaramanidina nanaovana "commande" mbola tsy azo. Ny fiaramanidina miasa ao amin'ny Air Madagascar amin'izao miisa 10 monja ary tsy misy "commande" na iray aza.

**Fenotiana Jérôme**
**Lot ..... Tanamborozano Toamasina.**

Messangers American English Hope sy FMOS

## Nanokatra fampianarana fiteny anglisy sy nanome fitaovana informatika ny Boriboritany faha-6

Lanonana roa sosona no notanterahana teny amin'ny Boriborintany faha 6, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) omaly. Teo ny nanokafana ny fampianarana fiteny Anglisy iarahana amin'ny Messangers American English Club Hope, miaraka amin'ny Fikambanana Miahy ny Olona Sahirana (FMOS) eto Madagasikara, tarihin'ny Profesora R akotomalala Livamanitra. Ny Messangers American English club Hope dia firenena 52 no miaraka aminy, ary tamin'ny taona 1998 no natsangana teto Madagasikara niaraka tamin'i Profesora William mpiasan'ny ambasady Amerikana mpanao asa soa ho azo ampiasaina eto Madagasikara. Toerana maro no efa misy fampianarana fiteny Anglisy eto Antananarivo, ka tsy diso anjara amin'izany ny tanora eto Ambohimanarina, izay efa marihina hoy ny profesora fa ankatoavina manerantany ny diplaoma omena ireo mpianatra amin'izany. Ny fikambanana FMOS dia tsy mionona amin'ny fampianarana teny Anglisy fotsiny fa mamolavola ihany koa ireo mpianatra mba hampiasa izany hitadiavam-bola. Maro ny asa azo atao rehefa mivoaka hoy izy, toy ny manao mpisera dia (guide), mandika teny ( interprète), mpampianatra, sns… Nanome voninahitra ny fotoana tao an-toerana ny lefitra voalohan'ny ben'ny tanànan'Antananarivo Olivier Randrianarisoa, ny lefitra voalohan'ny delegen'ny boriboritany faha-6 Rajaonary Gaston ary ny mpanolotsaina ny tanàna Lalaina Rabezanahary. Nanambara ny lefitra voalohany ben'ny tanàna Olivier Randrianarisoa raha nandray fitenena fa zavadehibe ho an'ny tanora sy ny mpianatra eto amin'ny boriborintany faha-6 hoy izy izao fisokafan'ny fampianarana fiteny Anglisy izao, satria hanovozana fahalalàna maro. Ankoatra izay, nanolotra fitaovana ara-informatika sy connexion ny boriborintany faha-6 ny fondation TELMA, ahafahana manovo fahalalana ho an'ireo tanora sy ankizy mpianatra, izany dia nifanindran-dalana tamin'ny fisokafan'ny fampianarana fiteny Angilsy tao an-toerana.

**Helisoa**



*Ny lanonana teny Ambohimanarina omaly.*

Amboalefoka Miarinarivo

## Arovana amin'ny alalan'ny fambolena volobe ny loharano

Arovana amin'ny alalan'ny fambolena volobe, na bamboo, ny loharano any amin'ny faritra Itasy iny. Loharano mamatsy rano fisotro madio ny mponin'Amboalefoka Kaominina Miarinarivo II any Itasy izy ity, nataon'ny fokonolona sy ny sosialin'ny Prefektioran'i Miarinarivo ny alarobia teo, ka volobe 400 fototra no novolena tamin'izany nanatevenana ny efa misy eny amin'ny lohasahan' Ambatomandondona misy ilay loharano. Nambaran'ny Prefet an'Itasy tamin'izany fa mijaly rano fisotro madio ny mponina any amin'iny faritra, noho izany hoy izy dia tsy maintsy arovana ny loharano misy mba tsy ho ritra, ka ho rano fisotro madio no iboiboika hatrany any amin'iny faritra iny.

**Aly**

SARIITATRA : Vina IEM. Dia hihinana an'ilay noeritreretiko eto izany




NY VALOSOA VAOVAO Dokam-barotra Tel. 034 79 076 00

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny fanokafana ny fampianarana teny anglisy ao amin'ny Boriborintany faha-6 omaly.











## COMMUNIQUE DE L'ONG HARENA SAHAZA CONTRE L'UTILISATION DE LA MARQUE HOREB

Les membres du Conseil d'Administration de L''ONG HARENA SAHAZA, domicilié PK 13 RN5 Antetezambaro TOAMASINA, numéro d'agrément « Arrêté N°9238/17/MPPSPF » et inscrit dans le répertoire des ONGs sous n°150/2010, représentée par sa présidente RAHOLIARIJAONA HERINIAINA VALINIRINA, demeurant 49 Beryl Rouge Toamasina 501, **décline toute responsabilité contre l'utilisation de la marque HOREB qui est sa propriété intellectuelle exclusive**, enregistrée OMAPI sous le numéro 14667 du 31 janvier 2014. **Nous nous opposons donc formellement à toute forme d'usurpation faite par toute autre personne ou entité, en l'occurrence RASAMIMANANA FALIMANANJARATSOA quant à l'utilisation de HOREB et décline toute responsabilité inhérente suite à ses actes**.

Déclaration faite pour faire valoir ce que de droit.

Fait à Antananarivo, le 14 Mars 2019

Madame RAHOLIARIJAONA HERINIAINA VALINIRINA.

## FILAZANA MANJO



*Amin'ny finoana sy ny fanantenana ny fitsanganan'ny tena amin'ny maty no ampandrenesanay anareo fa ny Hava- malalanay*

**RAKOTOARIVAO Gilbert dit RATSIMANOHATRA**

*Directeur de l'IEFTP ESPOIR*

*dia nodimandry teo amin'ny faha – 70 taonany ny Alarobia 13 Martsa 2019*

Hoy:

**Ny Vadiny** : RAZAFINDRABAKO Samueline

**Ny zanany :**

- RAZAFIARISOLO Barthine mivady
- RAKOTOARIMALALA Tiana Maharavo mivady
- RAHANITRINISOA Lala Tiana mivady
- RAHERINIRINA Voahangy Herivola mivady

**Ny zafiny**: Sylvia, Mitsiky, Erick, Sambatra, Valisoa, Finaritra, Pytia, Tsitsitra, Nasandratra, Miora

**Ny iray tampo aminy:**

- RAZAFINDRAMANGA Angeline mivady sy ny zanaka aman-jafiny
- RANDRIAMIDONA Joseph mivady sy ny zanaka aman-jafiny
- RAZAFIARISOA Justine sy ny zanaka aman-jafiny
- RAZAFINDRAFARA Adeline sy ny zanaka aman-jafiny
- RAZAFIARISOA Bao Hélène sy ny ny zanaka aman-jafiny
- RAZAFINDRAVAO Jacqueline sy ny ny zanaka aman-jafiny
- RAHARIMANGA Soarivao mivady sy ny zanaka aman-jafiny
- RAKOTOARIMANANA Armand mivady sy ny ny zanaka aman-jafiny
- RAVAORINIRINA SAHONDRA mivady sy ny ny zanaka aman-jafiny

**Ny iray tampo amin'ny vadiny:**

- SAMUELSON sy Marie mivady sy ny zanaka aman-jafiny
- Docteur Assad abri sy Voahangy sy ny zanany (Suède)
- RABEMANDA Gasikara sy Irène sy ny zanaka aman-zafiny
- Docteur RASOLONJANAHARY Jean Louis sy Hanta sy ny zanany (Angleterre)
- RABENARIVO sy Fanjaniaina mivady sy ny zanany (Lyon)

**Ny havany:**

- Ny teraky Tompokolahy RADELINA mivady
- Ny Teraky Tompokolahy Rabelanonana sy Razoamaria
- Ny terak'i Tompokovavy Ramavo
- Ny terak'Andriampararato

Ny fiangonan'ny vavolombelon'i Jehovah Ambohimangakely
Ny fokontany Amboromanina Andranovao, Mandialaza Ambodivona, Ambohimanarivo, Analakely Atsimo, Akoana, Ambohitroiomahitsy
Lycée Privé ESPOIR Ambohimangakely
Ny fianakaviana manontolo

Ny nofony dia hiala ao an-tranony Lot 50 Ter AM Amboromanina Ambohimangakely (Lycée ESPOIR) ny Asabotsy 16 Martsa 2019 amin'ny 1 ora tolakandro ka ho afenina ao amin'ny fasandrazany Andranovao Ambohimangakely aorian'ny lahateny ara-baiboly izay atao eo an-toerana ihany.

*Jereo aho ka valio, Jehovah Andriamanitro ô; ampahazavao ny masoto, fandrao renoky ny torimaso fahafatesana aho:*
*Salamo 13:3*